

FISORATANA ANARANA HO AN'NY #Sokajy ASA SY TANORA "ACTION AND YOUTH"

Ity sokajy ity dia natokana ho an'ireo rafitra ara-panjakana, kaominina, fikambanana tsy miankina, fikambanana eny anivon'ny fiangonana izay nanao asa miavaka ho fanatrarana ireo tanjona voarakitra ao anatin'ny Fenitry ny SADC momba ny Miralenta sy ny Fampandrosoana, aorian'ny taona 2015 sy ireo tanjon'ny fampandrosoana maharitra, mifanaraka amin'ireo lohahevitra momba ny:

Fahasalamana sy zo ara-pananahana, ao anatin'izany ny ady amin'ny herisetra, ny VIH sy SIDA
Fitantanana, ao anatin'izany ny Ainga 50/50, filaminana sy fandriam-pahalemana, lalàna fototra
fiovaovan'ny toe-trandro sy fampandrosoana maharitra
Fitoviana eo amin'ny lafiny toe-karena, ao anatin'izany ny fampianarana, ny fanofanana, ary ny
fampandrosoana ara-toe-karena.

Safidio amin'ireo lohahevitra voalaza ireo ny sokajy misy anao!

Mizara dimy (5) ny famenoana ity fandraisana anjara ity:

Filazana ny momba ilay mpanolotra (ny mombamomba anao; fenoina na fidina izay mifaraka aminao)
Sokajy (Misy safidy efatra).
Fanolorana ny tetikasa (lahatsoratra fanazavana momba ilay tetikasa)
Porofon-tsoraka (an-tsary na horonan-tsary)
Fandalinana (Mariho izay mifanaraka amin'ny tetikasanao)

Raha te-hametraka dika mitovy amin'ny fanadihadiana ianao alohan'ny hanombohanao hanindry ny rohy etsy ambany, dia ny haino aman-jery amin'ny aterineto ihany no hodinihina ka mila miverina ianao ary mameno ny fidirana an-tserasera:

[Malagasy](#)

langaviana ianao hamaky tsara ity torolalana ity mialohan'ny hamenoana ny fandraisanao anjara:

Fenoy mialoha ny mombamomba anao. Izany dia hahafahanao mameno ny ambin'ny fandraisana anjara amin'ny fotoana manaraka. Azonao atao ny mameno tsikelikely ny fandraisanao anjara amin'ny alalan'ny fanindrina ny teboka natokana ho amin'izany izay hitanao eo ambonin'ny pejy. Ho angatahina aminao ny adiresy mailaka ary ho alefa aminao ny rohy (lien) hahafahanao miverina eo amin'ny asa vitanao teo aloha.

Ny fizarana rehetra DIA TOKONY ho fenoina avokoa.

Ireo ahitana kintana mena (*) dia tsy maintsy fenoina.

Rehefa mahita tsipika midina ianao dia tokony hisafidy izay mifanaraka amin'ny tetikasanao.

Ampiasao ny OANDA na izay rohy nomena anao hamadihana ny vola malagasy ho Dolara.

Tena tsara raha ny olona hanolotra ny asa no mameno ny fandraisana anjara. Raha toa ka tsy ilay mpanolotra no mameno azy dia ny mombamomba ilay mpanolotra no hamenona ny fandraisana anjara.

Ny andraikitra, Fianarana natao, Taona, Lahy sa Vavy, Adiresy mailaka ary ny laharana finday dia tokony an'ny mpanolotra ny asa.

Tokony hisy ny porofo, ohatra drafitrasa, politika, sary, lahatsoratra an-gazety, horonan-tsary tamin'ny fahitalavitra, lahatsoratra fijoroana vavolombelona (taratasy na mailaka), entina hanamarinana ny asa vitanao. Tsy tokony hihoatra ny 50 MB nefa ny porofo ampidirinao. Afaka mampiditra porofo hatramin'ny 10 ianao.

Raha toa ka tsy voafenonao indray mandeha ny takelaka rehetra dia araho ireo torolalana manaraka ireto:

Rehefa vita ny pejy 1(izany hoe eo amin'ny pejy 2 ianao izao) dia tsindrio ny teboka ery ambony milaza hoe, "Tohizana amin'ny manaraka":

Raha mila fanampiana ianao dia aza misalasala manantona ny biraon'ny Gender Links:

<http://genderlinks.org.za/who-we-are/where-we-work/>

Na mandefa mailaka amin'ny: madaprogoofficer@genderlinks.org.za.

MOMBA NY MPANOLOTRA

Raha tsy ilay mpanolotra no mameno ity dia ny mombamomba ilay olona hanolotra ny asa no fenoina eto.

1. Is this a SUMMIT application or an Alliance Most Significant Results Application?

Summit Application

2. Daty

06/05/2019

3. Anarana

RAZAFINDRAVOLA

4. Fanampin'ananarana

Suzanne

5. Lahy/Vavy

Vavy

6. Anaran'ny fikambanana/Toeram-piasana

FVM Andoharanomaitso

7. Andraikitra

Filoha na Lehiben'ny Fikambanana

8. Firenena

Madagascar

9. Faritra

Matsiatra Ambony

10. Kaominina

Andoharanomaitso

11. Adiresy mailaka

suzanne.razafindravola@gmail.com

12. Laharan-tariby oh. 00261 20 22 350 51

00261344191763

13. Laharana finday oh. 00261 34 43 087 78

00261344191763

14. Salan-taona

60+

15. Fianarana natao

Oniversite

16. Manana fasasembanana ve ianao

Tsia

17. Lohatenin'ilay tetikasa (oh. Vehivavy eo amin'ny kaominina Maintirano miatrika ny fiovaovan'ny toe-trandro)

Fampandrosoana ara-toekarena Andoharanomaitso

18. Karazana fikambanana

Fikambanana tsy miankina

19. Sokajy

Fitoviana ara-toe-karena –ao anatin'izany ny fampianarana, fanofanana sy ny fampandrosoana ara-toe-karena

FANOLORANA NY TETIKASA

20. Fanazavana fohy momba ny tetikasa natao (Teny miisa 150)

Famaritana ny asa natao, inona no tena mampiavaka ilay asa/hetsika raha oharina amin'ny tetikasa hafa?

Ny litovy dia tsy misy toambo sy ala, ny mitovy koa dia azo jerena amin'ny endrika, koa raha raisina ny famaritana etsy ambony ny fitoviana tenenina eto dia hojerena voalohany ny fitoviana amin'ny fampianarana, satria miralenta no tenavoizina amin'ny GL dia tokony hitovy ny fampianarana eo amin'ny lehy sy ny vavy, fa tsy toy ny taloha hoe ny lahy no ampianarina ho lasa piasampanjakana fa ny vavy hanambady

-Fitoviana amin'ny fiofanana raha mahazo fiofanana ny lahy dia tokony ahazo fiofanana koa ny vavy fa indrindra ny sembana

- Fitoviana amin'ny fiofanana, ampiofanina ny lahy sy nyvavy sy ny sembana

21. Tanjona (Teny miisa 250)

Inona avy ireo tanjona noezahana hotratrarina tamin'ny fanatanterahana ny asa?

Tanjony fampianarana:

- hahazan'ny kilonga tsy ankanavaka hialana amin'ny habadoana mba ho tafita ho mpiasam-panjakana fa tsy ho tantsaha, ho manampahaizana ho reharehan'ny fianakaviana sy ny firenena,

Tanjona amin'ny fiofanana:

- Nentina hanatrarana vokatra tsaratsara kokoa, mety izy io vokatra ny fifaneraserana na vokatra fikarohana nataon'olona ohatra: tsaratsara kokoa ny vokatra vary raha mitaha amin'ny matsiatra ambony, fampiofanana koa dia mety ho fanaparahana vokam-pikarohana nataona mpikaroka, ohatra: fambolem-bary SRI, SRA nataon'ny FOFIFA, oh: asa tanana rary taloha dia rary vori-tsihy sy kihiarona, fataty haoriana kosa dia teraka ny fanaovana entana vaovao toy ny "sous assiette" ny poaketra, ny fanaovana panier à linge, ny amin'ny fampandrosoana ny tanjona amin'ny fampandrosoana diany tsy agisitra ny kaomina misy anao, raha mitaha amin'ny kaominina hafa, misy ezaka maromaro tsimaintsy atao mba hatratrarana an'izay anisany izany ny mba habe ny service ao antoerana (amin'ny resaka fampianarana ny amin'ny fahasalamana ny amin'ny fananan-tany.

22. Asa natao (Teny miisa 300)

Inona avy ireo dingana narahina tamin'ny fanatanterahana ny asa? Inona avy ireo asa notanterahina isaky ny dingana tsirairay?

Famoriana olona:

Fampandrenesana ambava na antsoratra na amin'ny haino amanjery, fijerevana ny andro hivoriana, fijerevana ny trano hivoriana, fividianana ny fitaovana ilaina amin'ny fivoriana na toa ka mila izany,

- fanofanana: ho amin'ny fanomanana amin'ny fanofanana dia jerena ny loha hevitra hampiofanina, ohatra: fitantanana, fijerevana ny olona mahafehy amin'ny ilay fiofanana atao mpampiofana, fijerena ny olona hiofana, jerena ny farimpahaizana ny olona hiofana na ny isany, ny fotoana hanatanterahana azy, amin'ny tena fiofanana miarahaba ny mpiofana, filazana ny loha hevitra, mijery ny fitsipika arahana mandritra ny fiofanana, famenoana ny taratasy mpahatongavana, fanombanana ny fiofanana, aorian'ny fiofanana, dia tokony atao ny tatitritin'ny fiofanana, ny fanarahamaso koa, eo amin'ny fampianarana mila manana lakilasy, hianarana, mmila manana mpampianatra hampianatra, tsimaintsy manoratra anarana hianarana izay hianatra, tsimaintsy homanina na vidina izay zavatra hoenti-mampianatra toy ny boky ny kahie, ny la cré, tsimaintsy toy ny teo aloha ihany koa satria misy ny anjara, raisin'ny raïamn-dreny toy ny fandoavana ny sara-pisoratana anarana, ny fitaovam-pianaran'ny mpianatra, misy ihany koa ny tsimaintsy anjaran'ny fokontany toy ny fananganana tsekoly hianaran'ny kilonga, mbola msy ihany koa ny anjaran'ny kaominina, amin'ny fanatontosana ny fampianarana, toy ny fisian'ny ZAP, ao antoerana ny fanampiana araka izay tratan'ny kaominina toy ny latabatra, ny seza,

23. Fiaraha-miasa amin'ny mpiara-miombon'antoka sy tambazotra samihafa (200 words)

Inona / Iza no nahatonga io fiaraha-miasa io? – governmenta, fokontany, fiarahamonim-pirenena, fikambanana miankina amin'ny fiangonana. Iza no mpisehatra anaty miralenta niarahana niasa? Inona ny andraikitr'izy ireo tsirairay avy?(Teny miisa 200) *

Tetikiasa fambolena ovy no nataon'ny fikambanam-behivavy mivoatsa (FVM) ka ny fokontany Betapoaka sy Andovoka no mpahazo tombotsoa. Ny anton'ny tetikiasa dia vokatry ny fanadihadihana ny tsena nataona vahiny SUISSE tao antsena anjoma Fianarantsoa 2016, rehefa nanadihady izy ireo dia hita fa ovin'Antsirabe no mitobaka eto Fianarantsoa, ka teo no nitsirian'ny fanentanana amin'ny fikambanana miaramiasa aminy, tsy aleo ve ianareo tantsaha mpamboly eto Mtsiatra Ambony no mamboly ny ovy toy izay hanafatra ovy hivelan'ny faritra, Natao ny fomba fifanaraham-piaramiasa rehetra hahatotosan'ny tetikiasa. Tsapa fa niainga hatramin'ny masomboly ovy, ary naka ny masomboly tany antsirabe nentina taty Fianarantsoa 2017. Nampanarahana ny fomba fambolena tany Antsirabe. (Manara-tsipika) Nandefa tantsaha hiofana tany antsirabe mba hahay ka hanoro ny mpikambana sisa taty antoerana 2017. Tsimaintsy nijery tekinisianina hita hahafehy ny famokarana ovy sy ny fanarahamaso azy, ary dia mbola nazoro koa ny trano hanobiana, ny ovy rehefa vokatry "Magasin de stockage". Nofantarina ihany koa ny volana tokony hivarotana ny ovy mba hahatsaratsara kokoa ny tsena, ny tetikiasa dia niarahan'ny FVM ny VFTM (Vondrona Fampandrosoana ny Tantsaha Matsiatra Ambony) ary ny ASF/SUISSE (Association sans Frontière).

24. Paikady (200 words)

Inona avy ireo paikady novolavolaina? oh fanerena ara-politika, fananganana fiarahamonim-pirenena, fandresen-dahatra mafonja, fampiasana ny haino aman-jery, fampiasana teknolojia samihafa

Ny paikady nivolavolaina dia ny fahaizana mandresilahatra ny olona amin'izay zavatra tiany hatao, ilay zavatra hatao koa dia tokony hahasahana ny daholobe, no voakasika, tafiditra ao anatin'izany koa ny tanora, ny lehilahy, ny vehivavy, ny sembana, ka tsy misy afaka mihalangalana na hanome tsiny rehefa avy eo,

Asiana zavatra zavatra mba hamalifaly ny olona miasa, misy zavatra tsy fahitany rehefa izy rery miasa any aminy, ohatra: asiana, fanalana hetaheta, miaramisakafo ny atoandro, omena solon'andro koa izy mba tsy hahatsapany fa fatiantoka ny hanaovany asa mitambatra.

Averimberia amin'ny pianatra ho famporisiana azy fa izay mahazo laharana tsaratsara dia manao fitsidiana fifanankalozana, any antananarivo renivohitra,

Ny mahazo mention très bien ohatra dia mahazo vatsim-pianarana hoa an'ny lvelany,

- Homena andraikitra ihany koa izay ndrain-jara rehetra hanaramaso, ny zavatra nataony mba tsy ho maty momoka,

Teti-bola

Ohatrinona (Dolara) ny teti-bola nanatanterahana ny asa. Araho ity rohy ity hamadiana ny vola Ariary ho Dolara US\$: <http://www.oanda.com/currency/convert/>

25. Ohatrinona amin'ny vola Dolara US\$ ny teti-bola natokana momba ny asa tsirairay. Aza asina elanelana ny tarehimarika na faingo (,) na teboka (.). Oh. 5000.Raha tsy nisy ny teti-bola dia 0 soratana "0".

Gender specific allocation : 4053

Gender in mainstream projects (please specify below) : 13509

Amount contributed in cash or in kind by partner organisations (please specify below) : 8105

Total : 25667

26. Iza no namatsy vola ny tetikiasa ary hazavao fohifohy ny fomba fifandraisan'izy ireo tamin'ny kaominina

ASF/SUISSE no namatsy vola ny tetikiasa, vokatry ny fahitany fa mpamboly avy any amin'ny faritry vakinankaratra no mahazo tombotsoa vokatry ny fivarotan'ny oviny aty amin'ny faritrin'ny Matsiatra Ambony.

27. Iza no namatsy vola ny tetikasa ary hazavao fohifohy ny fomba fifandraisan'izy ireo tamin'ny kaominina

ASF/SUISSE no namatsy vola ny tetikasa, vokatry ny fahitany fa mpamboly avy any amin'ny faritry vakinankaratra no mahazo tombotsoa vokatry ny fivarotan'ny oviny aty amin'ny faritrin'ny Matsiatra Ambony.

28. Vondron'olona nahazo tombotsoa (isany). Aza asina elanelana ny tarehimarika na faingo (,) na teboka (.) Oh. 5000. Raha toa ka 0 ny valiny dia soraty hoe "0".

	Vavy	Lahy	Fitambarany
Nahazo tombontsoa mivantana	90	20	110
Nahazo tombontsoa an-kolaka (Oh. Tamin'ny alalan'ny tambazotra)	10000	300	10300
Nahazo tombontsoa amin'ny alalan'ny fampiasana teknolojia vaovao (Oh. Tranokala, mailaka, lahatsoratra)	3000	500	3500
Fitambarany	13090	820	13910

29. Olana nosedrainsa (Teny miisa 300)

Inona avy ireo olana nosedrainsa tamin'ny fanatanterahana ny asa? Inona no natao mba hamahana izany olana izany?

Maro ny olana nosedrainsa ka nefa fa efa hita sahady ny vahaolana mety hamahana azy

- Ny amin'ny fampianarana:

Ny zaza tsy manana kaopia, ny tsy fahapian'ny papianatra karamain'ny fanjakana, ny fahalaviran-toeram-papianarana sasany, ny fandaharampianarana miovamiova,

Vahaolana: Fampanaovana kaopia faobe, fandraisan'ny raianmdreny antanana ny mpampianatra tsy karamain'ny fanjakana (FRAM). Fanorenana sekoly isam-pokotany hialana amin'ny halaviran-toerana ,

- Ny amin'ny fanofanana:

Tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra: Fahazoana fiofanana fa tsy manana ny hoenty manana na ny hoenty mihetsika, fidangany zan-bola ho an'ireo mpampindrampola madinika raha toa ka mba te hihindrana ny olona, Vahaolana: Fanaovana ady amin'ny abadoana, fanomezana fond de déroulement, hoentimiainga amin'ny asa izay hatao, fampitrosana homena fepotoana, ohatra: roa taona na telo taona vao mamerim-bola, fanentanana ny olona hifampisambotra ao antoerana izany hoe, mandrotsabola isakin'ny mivory angonony, hafaka telo volana na efa-bolana dia hampitrosaina olona iray, ny amin'ny fampandrosoana: tsy fananan-tany , fahalaviran'ny toerana sasany ho amin'ny tsena raha mba te- hivarotra, ny faharatsiandalana, ny tsy fahampian'ny barazy hoenty manondraka ny voly hoan'ny toerana sasany,

Ny haratsian-dalana: Vahaolana: fizarana tany mpanjakana izay hita fa mbola tsy voavoly ho an'ny mponina manodidina an'io, fanentanana ny tanora ho amin'ny fifindramonono, fanamboaran-dalana ho an'ireo hita fa tena ratsy na tsy misy mihitsy aza, famatsiana masomboly na mason'ompy ho an'ireo tanora mpifindra monona,.

fanagnanana fotodrafitrasa toy ny fampianarana, ny fahasalamana, ny fametrahana ny fampindrampola madinika ho an'ireo toerana hifindrana monona ireo, mba tsy hanahirana ny mpifindra monona.

30. Vokatra fohy ezaka sy dingana manaraka (teny miisa 300)

Inona no efa vita? Ahoana ny fomba ampaharitra izany? Inona no mbola tokony ho atao?

Ny vokatra fohy ezaka azo tsoahana dia ny fahazoam-bokatra rehefa avy namokatra ohatra: namboly vary na namboly ovy, afaka efa volana na dimy volana fara-fahabehy dia mahazo vokatra afaka mihinana, na mivarotra amin'izay ambimbava, raha mandrany ianao anatin'ny telo andro mitondra miantseha afaka roa andro dia ahahazo ny vidindry, NY efa vita dia ny fampiharana ny fomba famokarana natany avy any antsirabe, sy ny fandefasana, mpamboly ovy taty matsiatra ambony mba hijery ny traikefa izay efa fanaon'ny ao vakinankaratra, ka azahoany vokatra, tsaratsara kokoa, ny fomba hampaharitra ny tetikasa dia ny fijerevana tsena maromaro mba tsy hampitoana ny vokatra ka hiteraka hakiviana, ho an'ireo zy mpamboly ovy, mbola tokony hatao dia ny fiofanana fomba fitantanana, na ity ny tetikasa na ny fitantanam-bola, satria matetika, dia lanilany foana na mahatsapa ny mpamboly, fa tsy misy tombony ny zavatra ataony, ka nefa ny fitantanana no tsy mety indraindray.

31. Vokatra lavitra ezaka (200 words)

Ahoana no ahafahan'ity tetikasa ity mamaha ireo olana amin'ny fomba maharitra?

- Ny fananganana toeram-pitahirizana (stockage) mbokatra mba hiandrasana ny maha tsaratsara kokoa ny vidim-bokatra fa tsy hoe raha vao avy namokatra dia tonga dia amidy
- Ny fitadiavana tsena na mpanjifa hita fa mahatsaratsara kokoa ny vidin'ny entana,
- Fanomezana fankasitrahana ho an'ny mpamboly izay hita fa tena mahavokatra betsaka,
- Fandefasana ny mpianatra hita fa mihezaka hanao fitsidiana fifanankalozana lavidavitra ny toerana misy azy sady hita toerana manan-tantara, ohatra: Antananarivo renivohitra sady misy zavatra maro toy ny gara ropilanina Ivato, ny Parc Tsimbazaza izay ahitana ireo karazam-biby hita eto madagascar, ny Rovany manjaka miadana izy ahitana an'ireo mpanjaka mifandimby teto Madagascra, fandefasana ny mpianatra izay hita fa tena mahomby hahazo vatsim-pianarana izay izay tsy hiantohan'ny raïaman-dreny fa ny fanjakana no mandray antanana azy.

32. Fampianarana sy fampiharana (200 words)

Inona avy ireo lesona azo notsoahina tao anatin'ny tetikasanao ary ahoana ny fomba ampiharana izany?

Tsara raha manara-baovao, manaraka toetrandro, manana radio, manana fahita lavitra, mahay miserasera aman'olona, satria amin'ny alalan'ireo zavatra vita reo no hahalalanao ny zava-baovao izay mety hahasoa anao, ohatra: misy tetikasa natokana ho an'ny tanora izay vatsianan'ny FORMAPROD raha tsy naheno an'io vaovao io ianao na ny kaominina misy anao dia tsy haharaka fa misy tombotso tokony ho an'ny tanora amin'ny faritra misy anao, Tsara ihany koa ny mahay mamaky teny sy manoratra satria rehefa tsy mahay mamaky teny sy manoratra ianao dia tsy afaka ny hiatrika ny zavatra izy misy eto antoerana, ohatra: Misy tolotrasa iray matetika izy reny dia amin'ny alalan'ny haino amanjery na peta-drindrina ka raha tsy manana radio na ny fahita lavitra dia tsy aheny, tsy aheny koa ianao raha tsy mahay mamaky teny na dia misy affichage mipetaka aza.

POROFO

Ampidiro eto ny porofo rehetra hanamarinana ny asa vita. Azonao atao ny manome rohy raha toa ka horonan-tsary no tianao ampidirina. Tsy tokony hihoatra ny 50 MB nefa izany.

33. Lahatsoratra an-gazety na Fijoroana vavolombelona na taratasy fanohanana avy amin'ny mpiaramiombon'antoka/fankasitrahana ny asa vita

34. Lahatsoratra an-gazety na Fijoroana vavolombelona na taratasy fanohanana avy amin'ny mpiaramiombon'antoka/fankasitrahana ny asa vita

35. Lahatsoratra nosoratana na nalefa tamin'ny haino aman-jery

36. Boky kely fampahafantarana

37. Valonana fampahafantarana (Dépliant)

38. Horonan-tsary. Ampidiro eto ny rohy.

Sary:

Ampidiro ny sary manaporofa ny asa na ny sarinao (telo farafahabetsany). Tsy tokony hihoatra ny 50 MB ny sary iray. Tokony hisy anarana toy izao manaraka izao ny sary tsirairay:

Anaran'ilaysary_Nyanaranao_firenena_volanasytaona

Oh. vehivavyenyantsena_andryrandria_madagascar_062016

39. Sary 1

[Vokatra voaloboka - Mr KHAN-Andoharanomaitso-20022019.jpg](#)

40. Ampidiro eto ny Sary 1 sy ny momba io sary io

Iza? Anarana sy fanampin'anaran'ny olona tsirairay raha toa ka latsaky ny dimy ny olona hita anaty sary; fanazavana momba ny sary raha mihoatra ny dimy ny olona hita ao : Rasoana Honorine, Ravao Blandine, Razanamasy Louis, Inona ny asa natao teo : Mampiditra ny voaloboka ao anatin'ny bassine amin'ny fotona ny vandaga Inona ny antony nanaovana ny asa : Mba hitondrana ny voaloboka aty amin'ny cavi izay aty fianarantsoa no misy azy Aiza ny toerana nangalana ny sary : Ambatolahimaro Oviana no nanaovana ny asa : 5 Fevrier 2019 Iza no naka ny sary : Suzanne

41. Sary 2

[DSC_0918.JPG](#)

42. Ampidiro eto ny Sary 2 sy ny momba io sary io

Iza? Anarana sy fanampin'anaran'ny olona tsirairay raha toa ka latsaky ny dimy ny olona hita anaty sary; fanazavana momba ny sary raha mihoatra ny dimy ny olona hita ao : Barrage ao andovoka Inona ny asa natao teo : Ny fanaovana barage mba hanondrahana ny tanim-bary sy hanondrahana an'ireo voly havotra izay fanao isan-taona Inona ny antony nanaovana ny asa : Mba hanangonana ny rano Aiza ny toerana nangalana ny sary : Andovoka Oviana no nanaovana ny asa : Octobre 2018 Iza no naka ny sary : Suzanne

43. Sary 3

[IMG_20190227_065224.jpg](#)

44. Ampidiro eto ny Sary 3 sy ny momba io sary io

Iza? Anarana sy fanampin'anaran'ny olona tsirairay raha toa ka latsaky ny dimy ny olona hita anaty sary; fanazavana momba ny sary raha mihoatra ny dimy ny olona hita ao : Filambary tao betapoaka Andoharanomaitso Inona ny asa natao teo : Fanaovana lomondo ny vary Inona ny antony nanaovana ny asa : Mba hahamasaka izay mbola tsy masaka dia mila aotrika Aiza ny toerana nangalana ny sary : Betapoaka Oviana no nanaovana ny asa : Mars 2019 Iza no naka ny sary : Suzanne

FANDALINANA

Fandalinana ny fiovana nentin'ny tetikasanao sy ny lohahevitra niasanao

45. Mariho amin'ireo lohahevitra ara-toe-karena voalaza ireo ny lohahevitra izay tena mifanaraka amin'ny tetikasanao.

Zo hahazo fampianarana amin'ny ambaratonga rehetra, manomboka any amin'ny ambaratonga fototra ka hatrany amin'ny ambaratonga ambony

Zo hahazo fampianarana mitovy momba ireo taranja siantifika sy amin'ny fampiasana ny teknolojia vaovao

Zo hahazo fampianarana ara-kalitao

Zo hianatra aminà toerana manara-penitra

Zo hahazo karama mitovy

Zo hahazo fitsinjovana mitovy eo amin'ny fisitrahana ny loharano ara-toe-karena, fitantanana ny loharano-pamokarana, ny fananan-tany sy fananana hafa, fanampiana ara-bola, fandovana ary harena ara-boajanahary

Zo hiasa aminà tontolo mitsinjo ny Miralenta

Zo hisitraka fomba fiasa marina

46. Mariho amin'ireo lohahevitra ara-toe-karena fanampiny ireo izay tena mifanaraka amin'ny tetikasanao.

Fahazoana fampianarana

Filaminana any an-tsekoly

Fampianarana manaraka kalitao

Asa

Zo amin'ny fananan-tany

Tsy fitovin-karama

Fampianarana amin'ny taranja siantifika ho an'ny rehetra

Asa fandraharahana

47. Mariho amin'ireo tanjona ara-toe-karena voarakitra ao anatin'ny fenitry ny SADC izay tena mifanaraka amin'ny tetikasanao

Hamoaka lalàna manome tombontsoa mitovy ny lahy sy vavy eo amin'ny fampianarana ambaratonga fototra, ambaratonga volaohany, ambaratonga faharoa, ambaratonga ambony, fampiofanana ara-kasa, fampianarana tsy miankina, ao anatin'izany ny fampianarana olon-dehibe, mifanaraka amin'ny Fenitra momba ny Fampianarana, ny Fanofanana ary ny Tanjon'ny Fampandrosoana Maharitra.

Handray fepetra manokana entina hampiakarana ny isan'ny vehivavy manaraka ny taranja siantifika sy ny teknolojia vaovao eo amin'ny ambaratonga voalohany, faharoa, ambony ary mihoatra izany

Hanitsy sy hampihatra fandaharana sy politikam-pampianarana manohitra ny fiheverana raiki-tampisaka eo anivon'ny fampianarana sy ny herisetra.

Fampandraisana anjara mitovy ny lahy sy ny vavy eo amin'ny famolavolana sy fampiharana ny tetikasa ara-toe-karena rehetra.

Fanaovana fanadihadiana ary fametrahana fepetra sy politika manokana hampiroboroboana ny fifanampian'ny mpivady ao an-tokantrano sy eo amin'ny fianakaviana mba hanamaivanana ny andraikitra maro sahanin'ny vehivavy Fametrahana politika sy fametrahana lalàna hampitoviana ny fahafahan'ny vavy sy ny lahy mahazo tombontsoa itovizana eo amin'ny raharaham-barotra sy asa fandraharahana ary fitsinjovana ireo vehivavy miasa eo amin'ny sehatra tsy manara-penitra

Fanavaozana ny politika nasionaly momba ny asa fandraharahana mba hamaly ny filàn'ny vavy sy ny lahy

Fanavaozana ny lalàna mba hahazo fitsinjovana mitovy ny vehivavy sy ny lehilahy eo amin'ny fisitrahana ny loharano ara-toe-karena, fitantanana ny loharano-pamokarana, ny fananan-tany sy harena hafa, fanampiana ara-bola, fandovana ary harena ara-boajanahary

Mifanaraka amin'ny Andininy 5, fametrahana fepetra manokana mba hamolavolana paikady hahazoana antoka fa mahazo tombontsoa itovizana ny lahy sy ny vavy eo amin'ny raharaham-barotra, isan'izany ny tolo-barotra avy amin'ny Fanjakana

Fijerena ny politika sy lalàna rehetra momba ny fahazoana, fisitrahana ary fitantanana'ny vehivavy ny loharanom-pamokarana

48. Mariho amin'ireo Vondron'olona voalaza momba ny toe-karena ireo izay tena niantefan'ny tetikasanao.

Vehivavy - amin'ny ankapobeny

Lehilahy - amin'ny ankapobeny

Ny tanora

Olona manana fahasembanana

Mpandraharaha

Mpanao varo-mandeha

Mpianatra

Mpampianatra

49. Mariho amin'ireo Karazana asa natao momba ny toe-karena ireo izay tena mifanaraka amin'ny tetikasa nataonao.

Fahazoa-miditra (accès)

Fanovana politika/lalàna

Fanamafisana fahaiza-manao

50. Mariho amin'ireo fiovana ireo izay tena mifanaraka amin'ny tetikasa nataonao.

Isam-batan'olona

Olona akaiky

Fiaraha-monina akaiky

Fiaraha-monina amin'ny ankapobeny

51. Mariho amin'ireo Karazana fiovana ireo izay tena mifanaraka amin'ny tetikasa nataonao.

Fiovana eo amin'ny politika, lalàna, fifehezana
Fahafantaran'ny olona bebe kokoa momba ilay lohahevitra
Fihatsarana eo amin'ny fikarakarana
Fiovam-pijery, fitonian'ny fiantraikan'ny herisetra ara-tsaina
Fiovana eo amin'ny fomba fiaina sy fomba fihetiska

52. To post questions on the summit and get regular updates please sign up to our [Community of Practice](#) and go to the forums section.

Did you sign up?

Yes

53. Tianao ve ny hahazo ny dika mitovy amin'ny fampiharana PDF anao?

Eny

54. Ampidiro ny adiresy mailaka tokony alefa any.

MITADIAVANA - raha tsy raisinao ao anatin'ny minitra vitsy monja, dia alefaso azafady ny sora-baventy nalefanao raha misy izany.

suzanne.razafindravola@gmail.com

Efa manomboka mandefa ny fangatahana ianao. Aoka ho azo antoka fa vonona ny hanao izany ianao alohan'ny handehanana. Tsindrio ny bokotra "Back" raha ilaina.

Misaotra anao amin'ny fandraisanao anjara!